

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Tanindrazana - Fahafahana - Fandrosoana

ASSEMBLEE NATIONALE
Antenimieram-pirenena

LOI n° 99-016

**Autorisant la ratification de l'Accord de Prêt conclu le 22 avril 1999
entre la République de Madagascar et le Fonds de l'OPEP pour le
développement international relatif au financement
du « Projet Amélioration de l'Education »
Prêt n° 748 P.**

EXPOSE DES MOTIFS

Suivant l'Accord de Prêt n° 748 P en date du 22 avril 1999, la République de Madagascar a contracté auprès du fonds de l'OPEP pour le développement international un prêt de DIX MILLIONS DE DOLLARS (10.000.000 \$).

Ce prêt est destiné à financer le « **PROJET AMELIORATION DE L'EDUCATION** », à réaliser dans le cadre de Programme National d'Amélioration de l'Enseignement, Phase 2 (PNAE 2).

1- OBJECTIFS DU PROJET

Le présent projet se propose d'atteindre les objectifs opérationnels suivants :

- a) Accroître et améliorer la capacité d'accueil des écoles par la construction de nouvelles salles de classe et la réhabilitation des établissements non fonctionnels ;
- b) Améliorer la qualité de l'enseignement : i) en dotant les établissements réhabilités et/ou faisant l'objet d'extension, des mobiliers et équipements adéquats ; ii) en mettant en place des structures de formation continue des enseignants du primaire ; iii) en distribuant des livres de référence pour leurs enseignants ;
- c) Améliorer la gestion administrative et pédagogique de l'école en renforçant les compétences des directeurs d'école ;

- d) Renforcer l'efficacité de la programmation et de l'implantation des constructions scolaires par la mise en place de la carte scolaire.

2- DESCRIPTION DU PROJET

A) LOCALISATION DU PROJET

Les activités du Projet seront réalisées dans les Faritany de FIANARANTSOA, TOLIARA et MAHAJANGA.

B) ORGANE D'EXECUTION DU PROJET

Le Projet sera exécuté sur une période de 42 mois par l'Unité d'Exécution du Projet (UEP) à créer au sein du Ministère de l'Enseignement Secondaire et de l'Education de Base (MINESEB).

C) COMPOSANTES DU PROJET

Le projet comporte trois (3) composantes :

- 1- Renforcement de l'Enseignement primaire ;
- 2- Renforcement de l'Enseignement secondaire ;
- 3- Renforcement de l'UEP.

Les catégories de dépenses du projet sont les suivantes :

- a) **Génie civil** : comprenant la réhabilitation d 'environ 170 EPP, 18 CEG et 2 Lycées, avec la construction de nouvelles salles de classe ainsi que des laboratoires pour les cours de science, des bureaux, des latrines et des salles d'emmagasinage ;
- b) **Mobiliers** : bancs, tableaux noirs, mobiliers de bureau, armoires, bibliothèques, tables de dessin avec outils et des instruments spécialisés pour les laboratoires de science des écoles secondaires ;
- c) **Equipements** : équipements et matériels pédagogiques incluant l'acquisition d'équipement de bureau et de micro-ordinateurs pour 4 centres de recherche pédagogique, matériels nécessaires pour l'élaboration des cartes scolaires et équipements pour les besoins des Unités d'Exécution du Projet (UEP) tels que micro-ordinateurs.
- d) **Supervision** : préparations du Projet, les services spécialisés couvrant l'engagement de consultants nationaux pour l'élaboration des cartes scolaires aussi bien que des entreprises locales pour assurer les devis

d'architecture, les conceptions détaillées ainsi que l'élaboration des plans ;

- e) **Formation** : relative à des séminaires de formation sur l'élaboration de cartes scolaires, et à d'autres genres de formation pour les directeurs d'école et les autres personnels administratifs dans le domaine de l'enseignement ainsi que la couverture des dépenses de formation ;
- f) **Dépenses de fonctionnement de l'UEP** : frais de transport et indemnités du personnel de l'Agence d'Exécution responsable de l'élaboration des cartes scolaires, émoluments des personnes additionnelles à engager par l'UEP pour l'exécution du Projet, couverture des dépenses pour le fonctionnement des équipements et véhicules aussi bien que les fournitures de bureau.

3 - FINANCEMENT DU PROJET

- Le coût total du Projet est évalué à 11,48 Millions de dollars US dont :
 - en devise : 6,09 Millions de dollars US
 - en monnaies locales : 5,39 Millions de dollars US

- Le Projet sera financé par le Fonds de l'OPEP, le Gouvernement Malagasy et les communautés locales suivant le plan de financement ci-après :

• Fonds de l'OPEP	: 10	Millions USD
• Gouvernement	: 1,15	Million USD
• Communautés locales	: 0,33	Million USD
		11,48 Millions USD

4 - CONDITIONS FINANCIERES DU PRÊT

1. **Montant** : 10.000.000 \$ US
2. **Durée totale** : 17 ans, dont 5 ans de différé
3. **Remboursement principal** : par échéances payables tous les 22 avril et 22 octobre, à compter du 22 avril 2004 jusqu'au 22 octobre 2015, en 24 semestrialités de \$ 416.660 chacune, sauf pour la dernière qui sera de \$ 416.820.
4. **Intérêts** : 1% par an sur le capital décaissé ou en cours de mobilisation **Frais d'Administration** : 1% par an sur le capital du prêt décaissé ou en cours.

Les intérêts et les frais d'administration seront aussi payés semestriellement : le 22 avril et le 22 octobre de chaque année.

Aux termes de l'article 82, paragraphe VIII de la Constitution : « ... la ratification ou l'approbation de traités... qui engagent les finances de l'Etat... doit être autorisée par la loi... ».

Tel est, l'objet de la présente loi.

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Tanindrazana - Fahafahana - Fandrosoana

ASSEMBLEE NATIONALE
Antenimieram-pirenena

LOI n° 99-016

**Autorisant la ratification de l'Accord de Prêt conclu le 22 avril 1999
entre la République de Madagascar et le Fonds de l'OPEP pour le
développement international relatif au financement du
«Projet Amélioration de l'Education» Prêt n° 748 P.**

L'Assemblée Nationale a adopté en sa séance du 02 juillet 1999 la Loi dont la teneur suit :

Article premier.- Est autorisée la ratification de l'Accord de Prêt conclu le 22 avril 1999 entre la République de Madagascar et le Fonds de l'OPEP pour le Développement International relatif au financement du «Projet amélioration de l'Education », d'un montant de DIX MILLIONS DE DOLLARS (10.000.000 \$ US).

Article 2 .- La présente Loi sera publiée au Journal Officiel de la République.

Elle sera exécutée comme Loi de l'État.

Antananarivo, le 02 juillet 1999.

LE PRESIDENT DE L'ASSEMBLEE NATIONALE,

LE SECRETAIRE,

ANDRIANARISOA *Ange Christophe F.*

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Tanindrazana - Fahafahana - Fandrosoana

ASSEMBLEE NATIONALE
Antenimieram-pirenena

LALANA LAHARANA FAHA-99-016
anomezan-dàlana ny fankatoavana ny fifanarahana
fampisamboram-bola tapaka tamin'ny 22 Aprily 1999
ifanaovan'ny Repoblikan'i Madagasikara
sy ny Tahirin'ny OPEP ho an'ny Fampanandrosoana
Iraisam-Pirenena mikasika ny famatsiana ny
« Tetikasa Fanatsarana ny Fanabeazana »
Fampisamborana laharana faha-748-P.

FAMELABELARANA NY ANTONANTONY

Araka ny Fifanarahana Fampisamboram-bola laharana faha-748-P tamin'ny 22 Aprily 1999, ny Repoblikan'i Madagasikara dia nanaiky hisambotra amin'ny Tahirin'ny OPEP ho an'ny Fampanandrosoana Iraisam-pirenena, vola folo tapitrisa dolara amerikana (10.000.000 \$ U.S).

Izany fampisamboram-bola izany dia atao ho famatsiana ny « TETIKASA FANATSARANA NY FANABEAZANA », hotontosaina ao anatin'ny Fandaharan'asa Nasionaly ho Fanatsarana ny Fampianarana, Andininy faha-2 (PNAE 2).

1- TANJON'NY TETIKASA

Izao Tetikasa izao dia mikendry hahatratra ny tanjona mahomby manaraka ireto :

- a) Mampitombo sy manatsara ny fahazoa-mandray mpianatra an-tsekoly amin'ny fananganana efi-trano fianarana vaovao sy fanavaozana ireo sekoly efa tsy miasa ;
- b) Manatsara ny fomba fampianarana : (i) amin'ny fampitaovana ireo toeram-pampianarana navaozina sy/na nitarina, fanaka sy fampitaovana mifanaraka amin'izany ; (ii) amin'ny fametrahana rafi-piofanana mitohy ho an'ireo mpampianatra any amin'ny sekoly ambaratonga voalohany ; (iii) amin'ny fanomezana boky ilain'ireo mpampianatra ireo ;
- c) Manatsara ny fitantanana ara-pitondrana sy ara-pedagogia ny sekoly amin'ny fanamafisana ny fahaiza-manaon'ny Talen-tsekoly ;
- d) Manamafy ny fahombiazan'ny fandrindrana ny fandaharan'asa sy ny

toerana fanorenana sekoly amin'ny fametrahana ny « carte scolaire ».

2- **FAMOABOASANA NY TETIKASA**

A) **FANONDROANA NY TETIKASA** :

Ny hetsiky ny Tetikasa dia hotontosaina any amin'ny Faritanin'i
FIANARANTSOA, TOLIARA ary MAHAKANGA.

B) RANTSAMANGAIKA MPANATANTERAKA NY TETIKASA :

Ny Tetikasa dia tanterahin'ny « Unité d'Exécution du Projet » (UEP) izay hoforonina eo anivon'ny Minisiteran'ny Fampianarana Ambaratonga Faharoa sy Fanabeazana Fototra, ao anatin'ny 42 volana.

C) FIRAFITRY NY TETIKASA :

Ahitana rafitra telo ny Tetikasa :

1. Fanamafisana ny Fampianarana Ambaratonga Voalohany ;
2. Fanamafisana ny Fampianarana Ambaratonga Faharoa ;
3. Fanamafisana ny UEP.

Toy izao manaraka izao ny sokajim-pandaniana hita ao amin'ny Tetikasa :

- a- Asa mikasika ny fanaovan-trano (Génie Civil) : ahitana ny fanavaozana ny Sekoly Ambaratonga Voalohany miisa 170 eo ho eo, Sekoly Ambaratonga Faharoa 18 ary Sekoly Ambaratonga Fahatelo 2, miaraka amin'ny fananganana efitrano fianarana vaovao ary koa laboratoara amin'ny taranja siansa, birao, lavapiringa ary trano fametrahan'entana ;
- b- **Fanaka** : dabilio, solaitrabe, fanaka fampiasa amin'ny birao, lalimoara, trano famakiam-boky, latabatra fanaovan-tsary miaraka amin'ny fitaovana amin'izany sy fitaovana manokana ho an'ny laboratoara ny siansa ho an'ny Sekoly Ambaratonga Faharoa ;
- c- **Fampitaovana** : Fampitaovana sy fitaovana enti-mampianatra ao anatin'izany ny fahazoana ny fampitaovana fampiasa amin'ny birao sy micro-ordinateurs ho an'ny foibe fikarohana ara-pedagojia, fitaovana ilaina amin'ny famoronana ny « carte scolaire » ary fampitaovana ny filàn'ny UEP toy ny micro-ordinateurs ;
- d- **Fanaraha-maso** : Fanomanana ny Tetikasa, ny fandraharahana voatokana, anisan'izany ny fandraisana mpandini-draharaha avy eto an-toerana amin'ny famoronana ny « carte scolaire » ary koa orinasa avy eto an-toerana hiantSOROKA ny vinavinam-pandaniana ny fanaovana mari-trano, ny famolavolana amin'ny antsipiriany ary koa ny fandrafetana ireo drafitra ;
- e- **Fiofanana** : mikasika ny semineram-piofanana momba ny famoronana ny « carte scolaire », ary ny karazam-piofanana hafa ho an'ny Talen-tsekoly sy ny mpandraharaha hafa ao amin'ny sekoly ary koa ny famatsiana ny sara-piofanana ;
- f- **Fandaniana amin'ny fampandehanan-draharahan'ny UEP** : sara-pitaterana sy tamby karaman'ny mpiasan'ny « Agence d'Exécution » miandraikitra ny famoronana ny « carte scolaire », solo-karaman'ireo olona fanampiny hampiasain'ny UEP mba hanatanteraka ny Tetikasa, enti-misahana ny fandaniana ho an'ny fampandehanan-draharaha amin'ny fampitaovana sy ny fiarakodia ary koa ny kojakoja fampiasa amin'ny birao.

3- FAMATSIANA ARA-BOLA NY TETIKASA :

- Ny tontalin'ny saran'ny Tetikasa dia tomanana 11,48 tapitrisa dolara amerikana ka :
 - 6,09 tapitrisa dolara amerikana amin'ny vola vahiny ;
 - 5,39 tapitrisa dolara amerikana amin'ny vola eto an-toerana.

- Ny Tetikasa dia hovatsian'ny Tahirin'ny OPEP ara-bola, ny Governemanta Malagasy sy ireo fikambanan'olona miray fitondrana avy eto an-toerana araka ny drafity ny fampitaovana manaraka izao :
 - Tahirin'ny OPEP : 10 tapitrisa dolara amerikana
 - Governemanta : 1,15 tapitrisa folaza amerikana
 - Fikambanan'olona miray fitondrana avy eto an-toerana : 0,33 tapitrisa dolara amerikana
 - Totaliny : 11,48 tapitrisa dolara amerikana

4- **FEPETRA ARA-BOLA NY FAMPISAMBORANA** :

1. **Teti-bidy** : 10.000.000 dolara amerikana
2. **Faharetany** : **17 taona, ka dimy taona voalohany tsy andoavana**
3. **Famerenana ny renivola** : Rotsa-bola misesy isaky ny 22 Aprily sy 22 Oktobra, manomboka ny 22 Aprily 2004 ka hatramin'ny 22 Oktobra 2015, atao in-24 mandoa isaky ny enim-bolana izay mitentina 416.660 dolara amerikana isaka ny mandrotsaka, fa amin'ny farany kosa no mandoa 416.820 dolara amerikana.
4. **Zana-bola** : 1 isan-jato isan-taona amin'ny vola nampiasaina na eo an-dalam-pampiasana.

Saram-pandraharahana : 1 isan-jato isan-taona amin'ny vola nosamborina nampiasaina na eo an-dalam-pampiasana.

Aloa isan'enim-bolana koa ny zana-bola sy ny sara-pandraharahana dia ny 22 Aprily sy 22 Oktobra isan-taona.

Araka ny voalazan'ny andininy faha-82, paragrafy VIII ao amin'ny Lalàmpanorenana : «... ny fankatoavana na ny fanekena... izay mampiditra andraikitra hoefaina amin'ny volam-panjakana ... dia tokony omen-dàlana amin'ny alalan'ny lalàna ».

Izany sy izany no antonanton'izao lalàna izao.

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Tanindrazana - Fahafahana - Fandrosoana

ASSEMBLEE NATIONALE

Antenimieram-pirenena

LALANA LAHARANA FAHA-99-016
anomezan-dàlana ny fankatoavana ny fifanarahana
fampisamboram-bola tapaka tamin'ny 22 Aprily 1999
ifanaovan'ny Repoblikan'i Madagasikara
sy ny Tahirin'ny OPEP ho an'ny Fampandrosoana
Iraisam-Pirenena mikasika ny famatsiana ny
« Tetikasa Fanatsarana ny Fanabeazana »
Fampisamborana laharana faha-748-P.

Nolanin'ny Antenimieram-pirenena tamin'ny fivoriana izay nataony ny 02 Jolay 1999 izao lalàna manaraka izao :

ANDININY VOALOHANY .- Omen-dàlana ny fankatoavana ny Fifanarahana Fampisamboram-bola tapaka tamin'ny 22 Aprily 1999 ifanaovan'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny Tahirin'ny OPEP ho an'ny Fampandrosoana Iraisam-pirenena mikasika ny famatsiaka ara-bola ny «Tetikasa Fanatsarana ny fanabeazana » mitentina folo tapitrisa dolara amerikana (10.000.000 \$ U.S).

ANDININY 2.- Havoaka amin'ny Gazetim-panjakan'ny Repoblika izao lalàna izao.

Hotanterahina izany fa lalàm-panjakana.

Antananarivo, ny 02 Jolay 1999.

